NY DINA SY NY FITANTANANA NY HARENA VOAJANAHARY AZO HAVAOZINA

Ny DINA dia fitsipika ifampifehezana eny ifotony izay miainga avy amin'ny mponina voakasika mba entina hitantanana ny harena voajanahary azo havaozina nafindra fitantanana.

Ny DINA dia noheverina ho toy ny fitambaran'ny fitsipika nentin-drazana nandaminana ny fiaraha-monina, ary amin'izany dia noforonina tahaka ny avy amin'ny tena sitrapon'ny mponina ary nekeny rehefa nahazo ny fankatoavan'ny rehetra.

Manana anjara toerana lehibe ny DINA eo amin'ny fitantanana ny harena voajanahary azo havaozina ary hita taratra eny anivon'ireo Vondron'Olona Ifotony (VOI) mpitantana harena voajanahary ny voka-tsoa azo avy amin'ny fananana sy fampiharana azy. Araka izany dia zava-dehibe ny fampiharana ny DINA ary rehefa mahazo fanomezan-kery (fankatoavana avy amin'ny Fitsaràna) ny DINA dia tahaka ny lalàna.

Ankoatra izany, ny DINA dia fitaovana hanamafisana ny fifamenoana ny fitsaràna eo anivon'ny fiaraha-monina (justice traditionnelle) sy ny fitsaràna araka ny lalam-panjakana (justice formelle) mba hisian'ny filaminana maharitra sy hahafahan'ny tsirairay misitraka ny fitsaràna ara-dalana, indrindra ho an'ny olona marefo.

Ny fahatsapana ny maha zava-dehibe ny DINA eo amin'ny fitantanana sy fiarovana ny harena voajanahary azo havaozina no nandraisan'ny VOI roa fanapahan-kevitra mba hanangana DINA dia ny **VOI « MIHARY SOAFIFY »** ao amin'ny **Fokontany BEKOROPOKE**, Kaominina Antongo-Vaovao sy ny **VOI « MIRAY HINA »** ao amin'ny **Fokontany ANKILIFOLO,** Kaominina Antongo vaovao izay samy ao amin'ny Distrikan'i Morombe, Faritra Atsimo-Andrefana. Ireo VOI roa ireo dia eo ambany fiahian'ny ASITY MADAGASCAR Morombe izay nanome ny tohana rehetra ka nahatongavana tamin'izao dingana izao. Izay DINA izany dia nankatoavina teny ifotony (validation locale) tamin'ny volana febroary 2026 lasa teo alohan'ny hanaovana ny dingana fangatahana fankatoavana eo anivon'ny Tribonaly.

Ny fizotran'ny fananganana ny DINA teo amin'ireo VOI ireo:

Indroa na in-telo no manao ny fidinana eny ifotony manao ny fakan-kevitra ka rehefa samy afa-po ny mpandray anjara dia eo amin'io fidinana fanintelony io no atao ny fankatoavana ny DINA.

Ny mpandray anjara dia ahitana ny ireo STD, DISTRIKA, CEF, CIRPEB, Kaominina, Plateforme MIAro, ny Fokontany, ny ASITY MADAGASCAR eto Morombe ary ireo VOI mazava ho azy.

Ny Dingana manaraka:

- Rehefa vita fankatoavana ifotony ny DINA dia entina eo anatrenan'ny Lehiben'ny Distrikan'i Morombe mba hanaovany ny atao hoe « Contrôle de légalité ».
- Entina any amin'ny Fitsarana amin'izay mba homena ny fanomezan-kery « Homologation » mba hivadika ho lalàna azo ampiharina.
- Vita izay rehetra izay dia aseho vahoaka izay hanasàna ireo mpisehatra rehetra mba ho fampahafantarana sy Fampianarana ary fanapariahana ny DINA alohan'ny fampiharana azy.

Marihana fa ny ASITY MADAGASCAR Morombe dia manao ho zava-dehibe ny fisian'ny DINA ka miezaka sy manampy hatrany ireo VOI eo ambany fiahiany izay mbola tsy manana DINA.

Fifidianana ireo Birao Mpitantana ny VOI sy ny **K**omity **M**panatanteraka ny **D**INA (KMD) VOI « MIHARY SOAFIFY », Fokontany Bekoropoke

Sary : ASITY MADAGASCAR Morombe

Sary : ASITY MADAGASCAR Morombe

Fankatoavana ny DINA VOI « MIRAY HINA », Fokontany Ankilifolo

Sary : ASITY MADAGASCAR Morombe

Fankatoavana ny DINA VOI « MIHARY SOAFIFY », Fokontany BEKOROPOKE

Sary : ASITY MADAGASCAR Morombe

Date de publication : 10/06/2026
Auteurs : Equipe Division TGRNR/SGAP et ASITY MADAGASCAR Morombe.